# Torio ny filazantsarako

Rehefa manao ity asa ity ianao dia mitadiava fampianarana avy amin'i Jesoa Kristy izay afaka manampy anao amin'ny ezaka ataonao hizara ny fifalian'ny filazantsarany.

Vakio ny andinin-tsoratra masina ary fenoy ny torolalana eo amin'ny efamira tsirairay. Raha mila toerana bebe kokoa ianao dia afaka mampiasa ny ao ambadik'ilay taratasy zaraina.

| | |
|---|---|
| Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 79:2<br>*Avereno soratana amin'ny alalan'ny teninao manokana io andininy io.* | Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 79:3<br>*Ataovy sary io andininy io. (Ny amboara dia salohim-barimbazaha ary fanehoana an'ohatra ny olona izay manaiky ny filazantsara.)* |
| Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 79:4<br>*Soraty izay inoanao fa teny na andian-teny manan-danja indrindra ao amin'io andininy io ary manorata fanazavana fohy momba ny antony ahatsapanao fa manan-danja amin'ny fizarana ny filazantsara izany.* | Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 80:1<br>*Mitadiava andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana na soratra masina hafa izay mifandray amin'io andininy io. Soraty eto amin'ity efamira ity ilay andinin-tsoratra masina.* |
| Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 80:2<br>*Soraty ny antony iray eritreretinao fa anomezan'ny Tompo namana mpiara-mitory ho an'ny misiônera.* | Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 80:3<br>*Soraty izay tsapanao fa ifandraisan'io andininy io amin'ny ezaka ataontsika manokana amin'ny fizarana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.* |
| Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 80:4<br>*Manorata zavatra izay henonao, na inoanao, na fantatrao fa marina momba an'i Jesoa Kristy na ny filazantsarany. Ampidiro ny antony mety hahasarobidy io fahamarinana io ho an'ny hafa.* | Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 80:5<br>*Vakio io andininy io toy ny hoe nolazaina mivantana taminao izany. Soraty ny fomba ahafahan'ny fahafantarana ny niantsoan'ny Mpamonjy anao mba hizara ny filazantsara manome fahatokian-tena anao hanao izany.* |

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_282-1